Fiharatsian'ny voka-panadinana

# Mila miala tsiny ny fanjakana 2

Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 152), navoaka tao Madagasikara 16 septambra 2019 5


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto

Sabotsy 21 septambra 2019 Laharana 956 Vidiny : 400 Ar


Tana-Masoandro, Ambohitrimanjaka 3

## Tsy sahy mankeny Rajoelina



Raharaha helikôptera, mpanao gazety 3 : 3

## Ampakatra ny raharaha hatramin'ny fara-tampony



70 TAONAN'NY MPAMONJY VOINA 5

### Niara-nientana nanadio an'Analakely sy ny manodidina ny mpiasan'ny CUA



Fiainam-pirenena sy politika 2

### Miseho lany ny aretina Alzheimer eto amintsika

Fananganana « Fondation » 4

### Tsy mifanohitra amin'ny Lalampanorenena hoy ny HCC

Madagasikara 3 M 3

### Hanatanteraka fihaonambe ho an'ny Mpitondra Fiangonana rehetra

Daka kely

Mba mandehana eny Ambohitrimanjaka sy Toliara Sands ry Boaikely a !

Boriboritany I, II ary faha-VI 5

### Mandroso ny asa amin'ireo lalana sy lalankely amboarina



Ny Valosoa sy hadihady

# Tana-Masoandro, Ambohitrimanjaka : tsy sahy mankeny Rajoelina

Tsy misy mahalala izay tena voarakitra ao amin'ilay « IEM » (Initiative Emergence Madagascar) moa ny ankamaroan'ny Malagasy, fa dia miroso amin'ny "Vina 13" indray izao ny fitondrana Rajoelina Andry Nirina. Ny isa « 13 » dia ilay laharany tamin'ny fifidianana filohan'ny Repoblika. Mananontanina indray ny fifidianana dia mihetsiketsika ny filohan'ny Repoblika, ka manenjika ny fanombohan'ny tetikasa lazainy fa azy na dia misy sasany amin'izy ireny aza no efa tamin'ny fitondrana HVM. Nandritra ny herinandro maromaro dia tsy nahatombina teto amin'ny Firenena Rajoelina Andry Nirina, fa nivezivezy tany ivelany. Amin'izao fotoana dia manomboka mitety faritra sy toerana misy ireo tetikasa lazaina fa hampandroso ny Firenena sy hisy vokatsoa ho an'ny Malagasy izy. Efa azo rahateo koa ny « tsodrano » avy any amin'ny Papa, Filohan'ny Eglizy Katolika, na dia betsaka aza ireo teboka manaratsy endrika ny mpitondra ary tsy maintsy hanaovana ezaka manokana ny hanafoanana izany : kolikoly, fahantrana, fampihavanam-pirenena,… ary etsy ankilany ny nanafaran'ny Papa Fransoà ny tsy maintsy hanaovana ny fampihavanana sy ny tsy hisian'ny fanilikilihana izay fototra tsy azo ihodivirana raha hikatsaka fampandrosoana fampandrosoana marina. Niroso tamin'ny fiatrehana ny fanombohan'ny asa fanamboarana ny « lakandranon'i Pangalane » tany Toamasina ny filohan'ny Repoblika, izay tetikasa efa tamin'ny andron'ny filoha teo aloha Hery Rajaonarimampianina no namolavolana izany. Tsy misy afaka mandà fa hitondra fivoarana any amin'ny toerana rehetra andalovan'ity lakandrano mirefy 600 km ity ny tetikasa. Azon-dRajoelina Andry Nirina antoka tsara fa ho tafavoaka tsara ny vokatra amin'ny alàlan'ny fitaterana tsy misy olana ny tantsaha rehefa tontosa soa amantsara ny asa fanamboarana. Tsy hisy sahy hanohitra ny fanatanterahana ny asa satria tena hisy tokoa ny tombontsoa ho an'ny rehetra, ka sahy nanokatra ny asa ny filohan'ny Repoblika. Tsy toy izany kosa ny zava-niseho tetsy Ambohitrimanjaka. Tonga teny antoerana ny manampahefana ao amin'ny minisiteran'ny fanajariana ny tany niaraka tamin'ny sinoa nijery ny fomba hanatanterahana ny tetikasa « Tanamasoandro ». Iaraha- mahalala fa mafy tokoa ny fanoheran'ny tantsaha mpamokatra ny hanotorana ny tanimbary sy tanimboly mirefy 1.000 Ha hanorenana trano fonenana. Mitombina tokoa ny fanoherana satria dradraina fa tsy mahaleotena ara-tsakafo ny vahoaka Malagasy kanefa tsy hiteraka vary akory ny trano fa hiteraka vola ho an'izay orinasa manatanteraka ny fanorenana ary tsy hanana hanin-kohanina intsony izay manana tanimbary voatototra. Hitombo indray izany ny mahantra hanampy isa ireo izay efa miaina an'izany, fa hitombo ny eny ambony latabatr'ireo izay hisitraka ny hofantrano hiditra aminy. Marina koa izay voalazan'ireo mponina eny Ambohitrimanjaka fa misy tampon-tanety miahaka fotsiny manodidina ny Renivohitra, toy ny eny Soamandrakizay, ka nahoana no ny tany fambolena no totofana. Naninona no tsy sahy nankeny niaraka tamin'ny minisitra sy ireo sinoa Rajoelina Andry Nirina satria natahotra ny hogahogain'ny olona. Misy amin'ireo mpanohana izao fitondrana izao sahy milaza fa ho hisy tombotsoa hoan'ny vahoaka tokoa rehefa vita ny asa. Tany tsy misy voly na iray dia aza no nokasain'ny fitondrana Ravalomanana Marc nampanofaina tamin'ny orin'asa koreana Daewoo hambolena izay sady niteraka asa ho an'ny tanora no niteraka fampandrosoana ara-toekarena ho an'ny Firenena, no nandranitan-dRajoelina Andry Nirina ny gasy niaranongam-panjakana taminy ny taona 2009. Omena ny sinoa anefa amin'ity tetikasa ity ny tany famokaran'ny tantsaha ka asa raha hitarika fanonganam-panjakana koa ny hanohanana mananontanona sy ny alahelo noho ny fangoronan'ny henjana ny tany. Tsy asian'ny mpitondra sira ny fanoherana ataon'ny vahoaka ka tsy fantatra izay mety ho fiantraikany. Mafy lavitra noho ny misy eny Ambohitrimanjaka ny fanoheran'ny mponina any Toliara ilay fitrandrahana ataon'ny orinasa «Base Toliara» satria ny tontolo iainana sy ny tontolon'ny fahasalaman'ny mponina mihitsy no ho potika raha hiroso ity orinasa ity. Vola be koa mantsy no hiditra amin'ny fitondrana raha homena alàlana hitrandraka ny orinasa. Tena mihaino ny vahoaka marina tokoa izao fitondrana izao saingy toy ny solosaina hampidirana izay tiana hampidirina rehetra fa tsy misy tehirizina (sauvegarder) izany, ka tsy misy hita intsony avy eo. "Ny vola tokoa no fototry ny ratsy rehetra", ka tsy misy dikany amin'ny mpitondra izay hanjo ny vahoaka feheziny. Hibaliaka ny masoandro ho an'ny mpitondra, fa ho takon-drahona mainty kosa ny an'ny Malagasy izay ho tandindonin'ny tsy fahampian-tsakafo no tsy ho afaka hialokaloka ao amin'ny trano "manara-penitra".

***Andry Tsiavalona***

RAHARAHA HELIKÔPTERA. MPANAO GAZETY 3

## Ampakatra ny raharaha hatramin'ny fara-tampony

Nanao valandresaka ho an'ny mpanao gazety tao amin'ny Karibotel Analakely omaly ny mpisolovava ny mpanao gazety 3 dia Nadia Raonimanalina , Rahelisoa Arphine ary Mahery Rabearivony mikasika ny resaka Angidimby teo Mahamasina, izay nitorian'ny tafika Malagasy, fa hoe nanely vaovao tsy marina ireto farany. Tsy afapo tamin'ny didy navoakan'ny fitsarana ny mpisolovava, ka nampiakatra ny raharaha eo anivon'ny fitsarana ambony ary mbola hampakatra hatramin'ny faratampon'ny fitsarana misy eto amintsika momba ity raharaha ity. Nambaran'i Me Ratefimahefamijoro Eloi, izay misolovava ireo mpanao gazety, fa tsy manaraka ny lalàna ny dingana ara-pitsarana narahana, nanomboka tamin'ny fiantsoana sy fanaovana fanadihadiana ireo olona arovany. Anisan'izany ny tsy nahitana



mazava ny anarana sy ny andraikitra ary ny anton'ny fiantsoana. Tsy mazava ihany koa ny mikasika ny fehezan-dalàna nampiharina tamin'ny famoahana ny didim-pitsarana, izay manameloka an'i Nadia Raonimanalina sy Mahery Rabearivony, izay samy mpanao gazety. Fanamelohana hanefa lamandy 10 tapitrisa ariary miampy 1 ariary onitra nangatahan'ny mpitory sy fahafahana noho ny fisalasalana ny an'i Rahelisoa Arphine. Mahavariana ny mpanara-baovao ny tetibidin'ilay lamandy, izay mampifamototra fehezandalàna karazany roa. Andaniny ny lalàna 2016-029, mifehy ny asa fanaovan-gazety, na "code de la communication médiatisée", izay mihàtra amin'ny raharaha fitoriana mpanao gazety ao anaty fanatanterahana ny asany toy izao. Voasoratra ao amin'ny andininy faha 28, 30 sy 31 ireo karazana lamandy izay tsy misy mihoatra ny 6 tapitrisa ariary. Ankilany, raha ny lalana 2016-031 mifehy ny « cybercriminalité », ao amin'ny andininy vaovao faha 20 no nanapahana ny didim-pitsarana dia mitombina ny fidangan'ilay lamandy. Raha izay anefa dia tsy tokony amin'ny maha mpanao gazety no nanenjehana azy telo mianadahy ireo, fa toy ny olon-tsotra rehetra manana fahafahana mikirakira ny tambazotran-tserasera. Manameloka tanteraka ny fanambarana mampihetry ny fahalalahan'ny asa fanaovan-gazety nataon'ny Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolontsaina ny Filohan'ny holafitry ny mpanao gazety Gérard Rakotonirina sy ny depiote sady mpanao gazety Fidèle Razarapiera. Lasa mandalo fotoantarotra ny asa fanaovangazety, raha mitohy izao fomba hamonoana ny fahalalahana eto Madagasikara izao.

***Helisoa***

## NY TENY FIAINANA

***Matio 26:52***

*Fa hoy Jesosy taminy: ampidiro amin'ny tranony ny sabatrao; fa izay rehetra mandray sabatra no hovonoina amin'ny sabatra.*

Madagasikara 3 M

## Hanatanteraka fihaonambe ho an' ny Mpitondra Fiangonana rehetra

Miha-betsaka ireo karazam-piangonana miforona sy mitsangana eto Madagasikara ary miha-mahantra hatrany ny fiainam-panahin'ny Malagasy. Mba hahafahana manarina an'izany tranga izany dia hanatanteraka fihaonambe ahafahana manofana an'ireo Mpitondra fivavahana mikasika ny fomba fanaovana toriteny ny Fikambanana "Madagasikara 3M "ny 24 Septambra 2019, ka hatramin'ny 26 Septambra 2019 ho avy izao etsy amin'ny Espace Le Colonnade Bypass. Nilaza Andriamatoa Ravoahangy Faly Mpitandrina sy Mpiandraikitra ny" Madagasikara 3M", fa ny fanampiana an'ireo Mpitoriteny amin'ny fomba famoahana ny hevitry ny Baiboly no tanjona amin'ny fanofanana. Nanohy nanazava ity Mpitandrina ity, fa ny fifanomezan-tanana amin'ny Mpitarika Fiangonana amin'ny fijerena ny tenin'Andriamanitra marina, mba hahafahan'ireto farany mitory sy mampianatra ny Mpiangona no kinendry. Nanamafy Andriamatoa Ravoahangy Faly, fa tsy mijanona amin'io fihaonambe io ihany ny fampianarana, fa mitohy hatrany arakaraka ny fahazotoan'ny Mpiofana sy ny hetahetany ary ny fahafahany miatrika ny fanofanana amin'ny andavanandro. Nilaza ny Mpiandraikitra ny "Madagasikara 3M", fa homena sehatra ny mpandray anjara hampihàtra ny fitsipika amin'ny fanaovana toriteny sy mamelatra ny hevitry ny Baiboly. Hisy ihany koa ny atrik'asa hatao hanomezana ny zavatra efa vita nandritra ny fihaonambe tamin'ny herintaona ho an'izay olona vao handray anjara amin'ity taona ity. Tsy manavaka anaram-piangonana ity fanofanana ity ary tsy mifidy fiaviana, na avy an-drenivohitra ny mpandray anjara na avy any ambanivohitra. Tsiahivina fa Mpitarika Fiangonana miisa 200 no niatrika fiofanana ny taona 2018 lasa teo.

***Franck Razakambelo***



***Ireo Mpiandraikitra ao amin'ny Fikambanana « Madagasikara 3M ».***

TONONKALO

## Ny mpamafy fiadanana sy ny mpamafy tadio

Ilay vahiny dia voatonona ho mpamafy fiadanana,
F'ianareo mpamafy inona mialoha ny fifidianana ?
Moa dia tena mbola hijanona ho mpamafy lainga foana,
Sa mba hisy fiovana fa mandroso ny fotoana ?

Falifaly ery `nareo fa toy ny niombon-daza taminy,
Tamin`ny hafatra nataony sy karazan-teny maminy.
Saingy ireny teny ireny ve hanova ny mpitondra,
Sa tsy hisy fiovana fa hitohy ny lohan`ampondra ?

Raha hijanona ho mpamafy rivotra ary koa tadio,
Ka tsy hijery ny ampitso fa voafatotry ny anio,
Dia mahatsara ny mangina , mety ny manampim-bava.
`Ndeha aloha mandini-tena ry mpanimba sy mpandrava !

Aoka izay ny fomba ratsy f'aza tia mampanantena.
(Ny nataonareo omaly , nampietry firenena !)
Aza tia manilikilika fa meteza hanolo-tanana,
Amin`izay `nareo vao ho isan`ny mpamafy fiadanana!.

***DADAN`i ZINA (19-9-19)***

KIADIN'I MADAGASIKARA

## Hanatanteraka lasy nasionaly any Ambanja

Lasy nasionaly andiany faha 18, izay hotanterahina any an-tampon-tanànan' Ambanja ny 05 Oktobra 2019, ka hatramin'ny 11 Oktobra 2019 ho avy izao, no hisantarana ny fankalazana ny faha 85 taonan'ny Fikambanana Skoto antsoina hoe"Kiadin'i Madagasikara". Nilaza Andriamatoa Angelo Ernest Botolahy, Mpandrindra ny Lasy nasionaly, fa fihaonambe mitondra ny lohahevitra hoe" Rassemblons nos talents et batissons ensemble un avenir meilleur", ity andiany faha 18 ity. Ho hita mandritra ny lasy hoy ity Mpandrindra nasionaly ity ny fanamafisana an' ireo fomba fanabeazana Skoto, ao anatin'izany ny firotsahana an-tsitrapo ataon'ireto farany any amin'ny fiaraha- monina. Nanohy nanazava Andriamatoa Botolahy Angelo, fa hotanterahina mandritra ny fihaonambe hatao any Ambanja ity ihany koa ny fampahafantarana sy fampiofanana ny mpiarabelona ny atao hoe tanjon'ny fampandrosoana lovain-jafy sy ny fomba fisorohana ny herisetra eny anivon'ny fiarahamonina. Tsy hadino hoy ity Mpandrindra nasionaly ity ny fanentanana ny olona amin' ny fiarovana ny tontolo iainana. Nanamafy Andriamatoa Randriamimatsoa Lahariniaina Filoha Lefitra ny tanora Skoto eto amin' ny faritra Afrika, fa hitovy endrika amin'ny lasy iraisam-pirenena ity fihaonambe izay hotanterahina any Ambanja ity. Nanohy nanazava ity farany fa manohana ny fandaharan'asa iraisam-pirenena mikasika ny fanabeazana Skoto ny Fikambanana Kiadin'i Madagasikara ary hametraka lahasa ho fampandrosoana ny firenena .Nilaza ireto Mpiandraikitra ao amin'ny Kiadin'i Madagasikara ireto fa miainga amin'ny fanarahan-dalàna sy ny fanekena Skoto ary ny fahaiza-manaon' ny tsirairay no ahafahana manova ny tontolo lavorary amin'ny tsaratsara kokoa. Andrasana mandritra ny lasy nasionaly ireo Skoto amperin'asa izay miisa 1200 manerana ny nosy, ny Kiady zokiny, ny namana Skoto ary ireo mpiara miombon'antoka .


*Ireo Mpiandraikitra ao amin'ny Kiadin'i Madagasikara.*

***Franck Razakambelo***

Fananganana « Fondation »

## Tsy mifanohitra amin'ny Lalampanorenena hoy ny HCC

Namoaka ny heviny ny Fitsarana avo momba ny Lalampanorenana na ny HCC, mahakasika ny fangatahan'ny filohan'ny Repoblika, raha toa ka mifanohitra amin'ny andininy faha-49 amin'ny Lalampanorenana ny fananganan'ny filoham-pirenena « Fondation » na tsia. Araka ny Avis n°09-HCC/AV nivoaka omaly 20 septambra 2019, ao amin'ny andininy voalohany dia milaza fa tsy mifanohitra amin'io andininy faha-49 amin'ny Lalampanorenana io ny fananganana « Fondation », satria samihafa ny "Association", izay voararan'ny Lalampanorenana ny fiandraiketan'ny Filoham-pirenena azy, sy ny "Fondation". Ao amin'ny andininy faharoa kosa dia manipika mazava anefa io Avis n°09-HCC/AV io, fa mihatakataka tsy azon' ny filohan'ny Repoblika atao ny manana andraikitra amin'io « Fondation » io, ary tsy azo asiana resaka politika hoy ny andininy fahatelo manamafy.

***Isambilo***

Fitaterana

## Nanomboka nifindra eny Andohatapenaka ireo kaoperativa teny Ambodivona

Efa nanomboka nifindra nameno teny amin'ny « Gare routière Makis », n any fiantsonan'ny fiarakodia eny Andohatapenaka ireo Kaoperativa niasa teny Ambodivona. Nanomboka omaly ny fialan'ireo Kaoperativa mitrandraka ny zotra amin'ny lalam-pirenena faha-5 sy faha-2 nitoby teny Ambodivona Antananarivo, ka nifindra eny amin'ny « Gare routière Makis » Andohatapenaka. 25 no hifindra, ary efa nanomboka nameno fiara teny Andohatapenaka ny telo tamin'ireo omaly maraina. Nisy mpitandro filaminana nanara-maso ny fialana teny Ambodivona ho an'ireo kaoperativa mbola nihazohazo teny an-toerana, ankoatra ireo manana fiantsonana manokana nankatoavin'ny ATT.

*

***Aly***

FAO sy ny Antenimierandoholona

## Hitohy ny fiaraha-miasa amin'ny alalan'ny APMSAN

Tonga nitsidika ny Filohan'ny Antenimierandoholona Rivo Rakotovao ny solotenan'ny FAO (Food and Agricultural Organization), na ny fikambanan'ny Firenena Mikambana misahana ny fambolena sy ny sakafo, miasa sy monina eto amintsika, Patrice Talla Takoukam sy ny mpiara-miasa aminy. Famelomana sy fanohizana ny fiaraha-miasa efa nisy mikasika ny APMSAN (Alliance Parlementaire Malagasy pour la Sécurité Alimentaire et Nutritionnelle), izay ivondronan'ireo Parlementaire eo anivon'ny Antenimieraroa tonta no votoatin'ny fitsidihana nohon'ny fiaton'izany fiaraha-miasa izany, nandritra ny fotoana tsy naha teo ireo solombavambahoaka. Tafatsangana ny Antenimierampirenena vaovao ankehitriny ka hitohy ny asa. Ny Loholona Randriamanantsoa Jafetra no Filoha mitarika ny APMSAN ao amin'ny Antenimierandoholona, ka ny andraikitry ny parlemantera amin' izany dia ny mijery sy manitsy ireo lalàna mikasika ny fiahiana ara-tsakafo rehetra eto Madagasikara.


*Ny fitsidihan'ny solontenan'ny FAO ny filohan'ny Antenimierandoholona.*

***Naina***

## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety sy ny mpamaky azy izaao manaraka izao. Azon'ny ben'ny tanànan'Antananarivo hatao ve ny mamoaka lalàna manakana ny "immigration" eto Antananarivo renivohitra, izany hoe tsy azon'ny olona avy any amin'ny Faritra na ambanivohitra intsony ny mifindra monina eto Antananarivo? Mety ho anti-constitutionnel angamba izany kanefa izay ihany no hitako vahaolana raha tena te hanatsara an'ity Antananarivo ity. Io no anisany tena mahatonga ny gaboraraka eto Andrenivohitra, maha betsaka ny mpivarotra amoron-dalana, ny loto diso tafahoatra, ny embouteillage, sns… Raha ny fantatro dia toa hoe natao ho an'ny mponina 3 hetsy ity Antananarivo ity tany amboalohany kanefa amin'izao efa maherin'ny 2 tapitrisa ny mponina eto ary mety mitombo 10% isan-taona. Na manam-pahaizana indrindra eto antany amin'ny resaka "urbanisme" aza ny ben'ny tanàna eo tsy hahavita hanatsara an'ity Antananarivo ity izany raha mbola mitohy io "immigration sauvage" io fa resaka fotsiny no betsaka.

***Tanora Mitraka***
***Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao***

## Sakafo Ny Valosoa



**Henakisoa sy vorovoron-kena**, miampy lasary voatabia indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara ihany koa raha hasiana ro matsatso anana sy angivy miaraka aminy. Dia mihinàna finaritra tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Ny dikan'ny lokon'ny pipi na ny amany

Ny dikan'ny lokon'ny pipi na ny amany indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Raha:

- Mavo matsora dia salama tsara.
- Mena, misy rà na "hémorragie".
- fotsy be: misy nana.
- Tsy misy lokony dia mariky ny tsy fiasan'ny voa tsara.
- Mavo be dia marary sarakaty.
- Mavo maitso dia marary aty.
- Mavo maka loko orange, tsy ampy rano.
- Maka loko madio be, dia mila ahena ny fisotroandrano fa be loatra.



## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'i Milenaka any amin'ny distrikan'i Toliara II faritra Atsimo Andrefana

Ny tanànan'i Milenaka any amin'ny distrikan'i Toliara II, faritra Atsimo Andrefana indray, no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina ambanivohitra ity tanàna ity. Iva toerana ihany izy satria 72 m eo ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Mpamboly sy mpiompy ny mponina any, vokatra any ny haninkotra isan-karazany. Miompy omby sy osy ny mponina.



*Sekoly any Milenaka Toliara II.*

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 152), navoaka tao Madagasikara 16 septambra 2019

***Amosa 3: 7** "Tsy manao na inona na inona tokoa AHO JEHOVAH raha tsy milaza ny hevitro amin'ny mpaminany mpanompoko".*

Ry zanak'olombelona ambany masoandro, atsimo, avaratra, andrefana, atsinanana, IZAHO no Mpamorona, IZAHO no Mpanangana, IZAHO no Mpamboatra, IZAHO koa anefa no hiafaran'izao tontolo izao. Indray mipi-maso ny famoronana, ***Genesisy 1 hatramin'ny faran'ny famoronana izay natao***; ary indray mipi-maso ny fandravana, ***jereo ny Genesisy misy an'i Noa sy ny fandravana tao Sodoma sy Gomora.*** Ankehitriny AHO JEHOVAH dia manana mpanompo toa an-dry Jeremia, Isaia, Joela, Amosa... mba hahafahako manambara zava-miafina. Raha mandre ianao fandravana, fandringanana etsy sy eroa dia fanombohan'ny zavatra rehetra ihany izany fa tsy mbola tonga akory ny farany, ***Matio 24: 6*** *"Ary handre ady sy filazana ady ianareo; koa mitandrema, aza matahotra; fa tsy maintsy ho tonga izany; nefa tsy mbola tonga ny farany."* Kanefa ry olombelona o! Toa matoky tena ianareo, toa miantehitra amin'ny fahaizanareo, amin'ny vola ananareo, amin'ny harena izay nangoninareo, amin'izay fahalalana toa sombintsombiny ihany, toa mitoky amin'ny herin'ny sandry, amin'ny lova an-tany, amin'izay fanjakana mety rava, amin'ny olombelona mety ringana sa amin'izay fanahy tsy avy Amiko JEHOVAH akory, amin'izay fahendrena toa mamitaka ihany, miantehitra amina firenena voalaza fa matanjaka, toa mitoky amin'izay asan'ny tanako sa mino izay efa maty izay tsy tsarovana intsony na dia ny fisiany tamin'izao tontolo izao aza, miandry ho tahiana amin'ny alalan'ny sampy sady moana no tsy miteny, tsy misy antenaina intsony avy aminy, manao fanekena tamin'ny maty. Sa voaozon-doza inona re ianareo ry zanak'olombelona no dia niala tamin'ny FAHAMARINAKO sy ny FAHAMASINAKO? Nahoana no dia mirehareha amin'izay zava-misy mandalo? Nahoana no dia miavonavona ka mihevitena ho manana ny ampy? Tsy manana na inona na inona ary tsy miteny na inona na inona na milaza zavatra betsaka aminareo AHO, tokana ny valiny, ***Jaona 3: 16*** *"Fa toy izao no nitavako JEHOVAH izao tontolo izao, nomeko ny Zanako Lahitokana mba tsy ho very izay rehetra mino Azy fa hanana fiainana mandrakizay"*. Ry zanak'olombelona o! Io no tokony ho vokatra voalohany azo tsapain-tanana raisin'izay manan'aina tsy an-kanavaka ambany masoandro. ***II Tantara 20: 20b*** *"minoa ny mpaminaniny, dia hambinina ianareo."*, ***Asan'ny Apostoly 3: 23*** *"Ary izay rehetra tsy hihaino izany mpaminany izany dia haringana tsy ho eo amin'ny olona"*. Toy izao ny zavatra TSY MAINTSY, TSY MAINTSY, TSY MAINTSY HO TONGA ambany masoandro ary efa nisy sombintsombiny nambarako tamin'ny hafatra tany aloha taona maro lasa izay, ***hihetsika tsy hay tohaina ny afo, ny tany, ny rano, ny rivotra***. Iza no homenareo tsiny amin'ny fisian'ireo? Iza no holazainareo fa nahatonga an'ireo teo amin'ny firenenareo? Rehefa tezitra ireo voary ireo dia MANDRINGANA. TAMPOKA ho avy ambany masoandro izao fisehoan-javatra tsy hay tohaina izao:

**Rano hihaona amin'ny ranomasina**, hiakatra an-tanàna, hivarina aiza hono? Mandravarava.

**Rivo-maina** mahatratra hatramin'ny **3 km ny savaivony**, **tadio misafotofoto**, hiteraka **Tsunami**, mampatahotra sy mahatsriravina.

**Ny hafanana** hamely ny tany, **3 km ny fivavan'ny tany** ary hahatratra hatrany amin'ny **½ km ny halaliny**, miaraka amin'ny horohorontany mafy dia mafy.

**Ny hatsiaka** na **ranomandry** hampihotsaka tany maro.

**Ny afo** tsy fanta-pihaviana, hirehitra hatrami'ny ahi-maitso sy ny tany ka **tsy mety maty.**

**Ny havandra lehibe dia lehibe**, **¼ kg ny iray**, hanimba zavatra maro toy ny fambolena, ny tany fambolena, tafotrano, hiteraka **aretina mbola tsy nisy** hatramin'izay nahatany ny tany ka **tsy ahitam-panafody** raha tsy amina firenena iray monja ambany masoandro, teny avy AMIKO, baiko avy AMIKO no hahafantarana izany.

**Ora-mikija** tahaka ny tamin'ny andron'i Noa ka hanova zavatra maro ambany masoandro.

**Adin'ny samy firenena matanjaka** ka hampandositra ny olona, ao ny hianatsimo ao ny hianavaratra kanefa izay aleha toa tsy mety avokoa.

**Hiakatra an-tanàna ny bibidia** noho ireo zava-misy hiseho ambany masoandro.

Fahaverezan-kevitr'ireo mahay teknolojia nohon'ny amin'**ny toetr'andro miovaova,** mivadibadika, fa ny tany mafana indrindra dia hiteraka hatsiaka ary ny tany mangatsiaka indrindra dia hiteraka hafanana. (Jereo hafatra GV 59, 12/08/2018).

**Aizina 3 andro**, hanova zavatra maro ambany masoandro koa izany

Farany **fahaverezan-kevitra lalina** mbola tsy nisy toy izany eo amin'ny zanak'olombelona satria mivadibadika ny zava-drehetra, hisafotofoto ny zava-misy, hifamahofaho ny fanekena, hifandringana izay rehetra tsy manampinoana, samy te ho lohany, samy te ho tompony, samy te ho lehibe, samy te ho hita.

Izao no Teniko: "***Miomàna ry zanak'olombelona fa hametraka an'i JESOSY KRISTY Zanako ho MPANJAKAN'NY TANY AHO tahaka ny FANJAKANA izay efa misy aty ambony mba hahatanteraka ny sitrapoko alohan'ny hiafaran'izao tontolo izao sy ny momba azy. Miomàna fa antomotra sady akaiky izany rehetra izany."***

Manao veloma anao AHO JEHOVAH. FIFANKATIAVANA no ilaiko, FIFAMELANA, FIBEBAHANA, FIFANKAHAFANTARANA ao amin'ny FANAHY MASINA. Ho aiza hianareo fa tonga ny fotoanako? *Mivavaha ka aza mitsahatra.* ***I Tesaloniana 5: 17.***

Amen!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

Telephone : ***033 12 461 43***

E-mail: jehovahandria[22]manitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

### FOTO-DRAFITRASA ATAON'NY CUA

# Mandroso ny asa amin'ireo lalana sy lalankely amboarina ao amin'ny Boriboritany I, II ary faha-VI



*Ny fidinana ifotony nataon'ny sekretera jenaralin'ny CUA, nanara-maso ny foto-drafitrasa amboarina eto Antananarivo.*

Mitohy hatrany ny asa manakaiky vahoaka sy ho an'ny vahoaka ataon'ny eo anivon'ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), araka ny toromariky ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana. Maro ny asa efa vita, sy ny eo andalam-panamboarana. Isan'izany ny asa fanamboaran-dalana mampifandray fokontany maro eny anivon'ny boriboritany faha-VI, ao amin'ny fokontany Betafo Ambohimandroso mivoaka eny Ambodivonkely. Asiam-panamboarana ihany koa ny lalankely nampikaikaika ny mponina teny an-toerana ny faharatsiany, ao amin'ny fokontany Volosarika Ambanidia boriboritany faha-II, ary ny fanamboarana ny lalankely mirefy 300 metatra ao amin'ny fokontany Antetezana afovoany boriboritany I. Tato anatin'ny volana vitsy no nanombohana ny asa fanamboarana ary efa eo andalam-pahavitana avokoa izy ireo amin'izao. Marihina fa tetibola madiodio avy amin'ny kaominina Antananarivo renivohitra no namatsiana ny asa fanamboarana rehetra. Tafiditra amin'izany ny famatsiana ara-pitaovana sy ny karaman'ny mpiasa. Nanampy tamin'ny fandinihana ny fanatanterahana ny tetik'asa ny ekipa teknika eny anivon'ny boriboritany eto Antananarivo Renivohitra ary ireo delege, izay tompon'andraikitra voalohany eny antoerana. Ankoatra ny asa fanamboaran-dalana dia mitohy ny asa fanadiovana faobe ny lakandrano fivarinan'ny rano maloto teny Tetezana Afovoany mirefy 800 m sy teny Ambohimandroso amin'ny alalan'ny asa tanamaro na HIMO. Tsongaina manokana amin'ny fanatanterahana izany ireo sokajin'olona sahirana eny amin'ny fokontany misy ny asa tanterahana. Tonga nijery ifotony ny asa fanamboarana lalana sy lalankely afak'omaly, ny sekretera jeneralin'ny kaominina Antananarivo Renivohitra, Riana Randriamasinoro, nisolo tena ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana, teo koa ny delegen'ny boriboritany voalohany Randriamamonjy Lanto, ny delegen'ny boriboritany faha 2 Naivo Rahamefy ary ny delegen'ny boriboritany faha6 Fehizoro Andrimananjezika, sy ny mpiaramiasa aminy avy. Faly ireo mponina satria afa-pahasahiranana tanteraka izy ireo amin'ny fanamboarana ny lalana ataon'ny kaominina. Isaorana hoy izy ireo ny tompon'andraikitra rehetra nahatontosa izao asa izao. Miezaka hatrany ny kaominina Antananarivo Renivohitra hoy ny Sekretera jeneraly, Rina Randriamasinoro, hanala fahasahiranana ny mponina, indrindra amin'ireo fotodrafitr'asa manakaiky vahoaka mivantana amin'ny maha Antananarivo soa iombonan'ny Malagasy azy.

***Isambilo***

### Ivon'ny faha-70 taonan'ny mpamonjy voina

# Niara-nientanana nanadio an'Analakely sy ny manodidina ny mpiasan'ny CUA



*Ireo nitarika ny fanadiovana faobe teny Analakely sy ny manodidina omaly.*

Ho fanamarihana ny ivon'ny fankalazàna ny faha 70 taona ny sampana mpamonjy voinan'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), izay hatomboka ny alatsinainy ho avy izao dia nisy ny fiaraha-nientan'ny mpiasa teo anivon'ny kaominina Antananarivo renivohitra nanao asa fanadiovana faobe, niainga teo Ambohijatovo nankeny Antaninarenina, Ambodifilao, nifarana teny Soarano omaly maraina. Niara-nisalahy tamin'izany ny sampana mpamonjy voina, ny ekipa mpanadio eny amin'ny boriboritany isanisany, ireo sampandraharaha teknika misahana ny fanadiovana eo anivon'ny kaominina Antananarivo Renivohitra. Nitarika ny asa fanadiovana tamin'izany ny sekretera jeneralin'ny kaominina Randriamasinoro Rina, ny lehiben'ny sampana mpamonjy voina ny kolonely Ramanoara Francky ary ireo delegen'ny boriboritany eto Antananarivo Renivohitra. Nanambara ny kolonely Francky Ramanoara fa mandray anjara mavitrika amin'ny fanadiovana sy fandaminana ny tanàna ny sampana mpamonjy voina, na dia famonjena voina aza no asa sahaniny ary io tsy hoe foronina maimaika fa asa fanao mandavataona. Ny sekretera jeneralin'ny kaominina Antananarivo renivohitra izay nisolotena ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana, Rina Randriamasinoro kosa dia nanambara fa ny mpamonjy voina dia sampana iray eo anivon'ny tanànan'Antananarivo, ka rariny ny CUA raha miara-mientana aminy manao asa fanadiovana amin'izao fankalazàna ny faha 70 taonany izao. Ka na asa efa fanao andavanandro aza ny asa, ny fanadiovana tanàna dia miezaka foana isika hoy izy hanatsara ny fomba fiasa bebe kokoa. Eto izahay dia manentana hatrany ny mponina mba hanaja ny fahadiovana satria rehefa tsy mandoto ianao dia efa naman'ny manadio. Miantso ihany koa ny fanjakàna foibe sy ny SAMVA mba hanala ny fako eny amin'ny dabanjaoridira ho eny Andralanitra, satria ny CUA dia efa manao ny andraikitra sahaniny amin'ny fitondrana ireny fako ireny mankao amin'ny toerana tokony hisy azy, hoy hatrany ity tompon'andraikitra iray ao amin'ny fiadidiana ny tanàna ity.

***Helisoa***

STARKEY HEARING FOUNDATION

# Olona 500 mahery nahazo fitsaboana sy fitaovam-pihainoana

Hetsika ara-tsosialy izay nokarakarain' ny Ministeran'ny fahasalamam-bahoaka, sy ny "Starkey Hearing Foundation" ary ny Faritra Vakinankaratra, no natao teto Antsirabe ny herinandro teo. Tao amin'ny kianja filalaovana basket 'ny Faritra Vakinankaratra no nanaovana ny hetsika. Nisy ny fitsaboana, ny fanadiovana ny aty sofina, ny fanomezana ny fitaovana manampy amin'ny fandrenesana, na "appareillage auditif" , teo ihany koa ny fizarana ny fanafody maimaimpoana. Raha sandaina vola ny vidin'ny fitaovana manampy amin'ny fihainoana iray dia misanda 3 000 000 Ar hatramin'ny 1 tapitrisa ny sandany, teto anefa dia maimaimpoana tanteraka izany. Faly tanteraka noho izao hetsika izao ny vahoaka, ary maro tamin'izy ireo no avy any amin'ny faritra hafa, fa nohon'ny fandrenesany ny hetsika dia tonga izy ireo. Ireo olona nahazo laharana tao aorian'ny 500 dia noraisina ny anarany ary hisy ny fandaminana amin'izy ireo aoriana kely araka ny nambaran'ny Mpikarakara. Teo ampanombohana dia tonga nijery ny fandaminanana rehetra ny Lehiben'ny Faritra Rakotomahandry Thimoté sy ireo mpiaramiasa aminy.

**Lezama**

Antsirabe II

# Notokanana ny Lycée Tsarahasina

Raha miala an'Antsirabe dia 15 km mianandrefana manaraka ny RN 34, ao amin'ny fokontany Tsarahasina mandrafitra ny Kaomina Belazao, izay iray amin'ireo Kaomina 20 misy ao amin'ny District Antsirabe II no miorina ny Lycée Tsarahasina. 5 taona izao no nijoroan'ny Lycée satria raha tsiahivina dia tamin'ny volana oktobra 2015 no vita manontolo ny asa fanamboarana rehetra nametraka ny Sekoly ary ny taom-pianarana 2015-2016 dia niasa avy hatrany ireo ekipa amin'ny fampihodinana ity toeram-pianarana ity, ka kilasy 2 dia ny « Seconde » sy « Première » no nisantarana izany, 52 ny isan' ny mpianatra ary 7 kosa ny isan'ny mpampianatra tany ampiandohana. Ny taona 2016-2017 no nisy ny kilasy famaranana voalohany tao amin'ny Lycée Tsarahasina. Nahafapo ny voka-panadinana baccalauréat tamin'izany satria dia nahatratra 47,72% ary nametraka an'ity Lycée Tsarahasina ity ho tsara vokatra indrindra teto Vakinankaratra tamin'izany. Amin'izao fotoana dia mahatratra 350 ny mpianatra mandranto fianarana eto amin'ny sekoly, ahitana mpampianatra sy mpandraharaha 14 kosa izay samy mpilatsaka antsitrapo avokoa ary miandrandra mafy ny fampidirana azy ireo ho mpiasam-panjakana satria tambin-karama mitentina 20.000ar isam-bolana no raisin'izy ireo hatreto. Ny taom-pianarana 2017-2018 dia tafakatra 54,47% ny taham-pahafahana baccalauréat, ka rariny loatra noho izany ity Lycée Tsarahasina ity raha notoloran'ny fitondram-panjakana tamin'ny alalan'ny MENETP ny « autorisation d'ouverture » ny 15 Desambra 2018. Ny herinandro teo dia niroso tamin'ny fitokanana azy tamin'ny fomba ofisialy ireo manam-pahefana rehetra avy eto Vakinankaratra, izay nahitana ny Lehiben'ny Faritra Vakinankaratra sy ny lehiben'ny Distrikan'Antsirabe II, teo ihany koa ireo solombavambahoaka mirahalahy voafidy tao amin' ny Distrikan'Antsirabe faharoa, nahitana an'Andriamatoa Randriamanampisoa Alfred sy Randrianantenaina José . Nanokatra izany tamin'ny fomba ofisialy kosa ny Tale-jeneraly eo anivon'ny MENETP izay nisolotena an-dRamatoa minisitra. Nanotrona ny fotoana ihany koa ny ekipan'ny DRENETP Vakinankaratra tarihin'ny Talem-paritra Rakotoarimanana Heriniaina Nomenjanahary. Marihina fa ny fikambanana Mada Breizh no nanorina sy nanangana ity sekoly ity ary mbola manohana ara-pitaovana izany. Tamin'ity fotoana ity dia mbola nanolotra fitaovam-pianarana mitentina 10 tapitrisa ariary sy «ordinateur portable » ary « panneaux solaires » hoan'ny Lycée ny fikambanana. Nifanome tanana tamin'ny Mada Breizh tamin'ireo ezaka rehetra ihany koa ireo solombavambahoaka avy ao amin'ny Distrikan'Antsirabe II, izay solontenan'ny fikambanana eto Madagasikara dia ny depiote Randrianantenaina José izany.

**Lezama**

Fampianarana teknika

# Tontosa soa aman-tsara ny fanadinana BEP tany Antsirabe

Nanomboka ny alatsinainy teo ny fanadinana BEP na « Brevet d'Etude Professionnelle »,manerana an'i Madagasikara. Ho an' Antsirabe, dia tao amin'ny Lycée Technique Professionnelle Antsirabe no foibem-panadinana ho an'ny mpiadina teto Antsirabe. Marihina fa aharitra efatra andro, na dimy andro eo ity fanadinana ity arakaraka ireo sampam-piofanana. Arak'izany dia sampam-piofanana 11 no nanaovana fanadinana, izay mizara « secteur» 4 : « Industrielle », «Electro-Technique, Tourneur, Ouvrage métallique, Maintenance automobile », «Génie civil », « Agriculture et Elevage ». Tamin' ny ankapobeny tokony ho mpiadina miisa 406 no niadina BEP raha toa ka mpiadina miisa 5 kosa no tsy tonga dia nijanona ho mpiadina miisa 401 no nanao ity fanadinana BEP ity. Tsara ny manamarika fa nisy foibem-panadinana ihany koa teny amin' ny Saint Jean Andraikiba ho an'ny « secteur Agriculture et élevage». Ny fitsarana ny taratasim-panandinana dia navondrona aty amin'ny Lycée Technique Professionnelle Antsirabe avokoa araka ny nambaran'ny Proviseur ny Lycée Technique Professionnelle Antsirabe sady Chef de Centre Andriamatoa Rakotomahefa Julien. Vinavinaina amin' ny talata 24 septambra 2019 izao ny fivoahan'ny valim-panadinana.

**Solohery**

SARIITATRA : Tratry ny contre-pied an'i Dada ny ekipan-dRajoelina




Andavamamba Anatihazo I sy II

# Niara-nanadio lakandrano mirefy 1 km eo ny fokonolona sy ny CUA

Toy ny asa vadi-drano tokoa ny fanadiovana ny Tanànan'Antananarivo Renivohitra ka tsy vita raha tsy hifanakonana, tsy mora tokoa mantsy ny manadio ny tanàna, ka izay indrindra no nahatonga ireo tompon'andraikitra avy eo anivon'ny Boriboritany Voalohany, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), manentana sy mandrisika ireo fokonolona eny anivon'ny Fokontany mba hiaraka hanao asa-tanamaro (HIMO) amin'ny fanalana ireo tsentsina any anaty lakandrano sy ny fanadiovana ireo lalankely any anaty fokontany. Tamin'ny andron'ny teo dia teny amin'ny fokontany Andavamamba Anatihazo I sy II no nahazo tombony tamin'ity asa-tanamaro ity, nirefy teo amin'ny 1 kilometatra teo ny halavan'ny lakandrano izay nosokirina. Tena zavadehibe tokoa ny fampandraisana anjara ireo fokonolona toy izao mba hahatsapan'ireto farany fa tsy mora ny manadio ireo faritra izay lotoiny. Tsy vitan'izy ireo irery anefa ny fanalàna ireo fako, fa eo ihany koa ny fanampian'ny Boriboritany Voalohany amin'ny fanadiovana sy ny fanentanana. Araka ny nambaran'ny Delegen'ny Boriboritany Voalohany, Randriamamonjy Lantoniaina dia hita fa efa manomboka misy vokany ny fanatanterahana ireo fanadiovana sesilany izay atao manerana ny fokontany 44 ao anivon'ny Boriboritany Voalohany, koa manentana hatrany ny tsirairay mba samy hanadio ny manodidina azy satria miainga any amin'ny tsirairay ny fampandrosoana. Ankoatra ny fanatanterahana ny fanadiovana eny anivon'ny fokontany, niara-nijery ny zava-bita sy nihaino ny hetahetan'ny mponina teny amin'ny fokontany Antetezana Afovoany ihany koa, ireo tompon'andraikitra avy eo anivon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra.

**Stefa**



Ny fanadiovana lakandrano lavabe tao amin'ny Boriboritany I.

Ady amin'ny tsy fandriampahalemana

# Nanentana amin'ny fanaovana andrimasom-pokonolona ny zandary

Nanentana amin'ny fanaovana andrimasom-pokonolona ny zandary tany Ambalamanasy Toamasina, faritra Atsinanana. Nametraka ny andrimasom-pokonolona "système d'auto-defense villageoise" tao anatin'ny fokontany Andranomadio fokontany 11/43 ary Ambalamanasy- Toamasina ny kolonely Komandin'ny Vondron-tobim-pileovana (Groupement) Atsinanana. Izany no natao dia hampanjakàna ny fandriampahalemana ao an-toerana avy amin'ny fandraisan'ny fokonolona anjara miaraka amin'ny mpitandro filaminana. Ny fifampitokisan'ny vahoaka sy ny mpitandro filaminana ary firaisankina dia hery lehibe hamongorana ny ratsy. Hisy araka izany ny fisafoana tsy miato any amin'ireo faritra somary mafana ao Toamasina sy ny manodidina. Nozaraina ny laharana 0342014597 sy ny laharana maintso 119, mba ho antsoina raha vao misy tranga mampiahiahy.

**Ny Valosoa**



Ny fanentanana natao tany Ambalamanasy Toamasina.

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**147/09/19 hatramin'ny 21/09/19**

- **DE LA PERGOLA** (Antaninarenina) 020 22 237 17
- **NANISANA** (Route de Nanisana) 020 22 520 29/032 03 520 29/034 05 750 29
- **HERIZO** (Antanimena face Eglise Catholique) 020 22 697 22
- **ITOKIANA** (Manakambahiny) 020 22 322 64
- **ANJA** (Analamahitsy) 020 26 406 55/034 51 149 73/033 17 633 22
- **TSARA** (Andavamamba route pavée) 020 22 347 12/034 21 111 14

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35


**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY MATEX Imprimerie**

Fametrahana 956-09-19
Isan'ny natonta: 10 000


Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

HETSIKA ARA-TOEKARENA

# Nanehoana ny tanjaky ny faritra ny Vitrine du Vakinankaratra

Fahombiazana tanteraka ilay hetsika fanao isan-taona dia ny "Fitaratr'i Vakinankaratra", na "Vitrine du Vakinankaratra" ary maro lafy ireo zavatra atao, nisy ny fanehoana tranoheva, nisy lohabary an-dasy maro isan-karazany, teo ihany koa ny dinika avo lenta. Ny fampifanatonana ny tolotra sy ny tinady ara-barotra no tanjona ankapobeny. Zavadehibe hoan'ny FaritraVakinankaratra ny fisian'ny hetsika "Vitrine du Vakinankaratra" tahaka izao mba hahafahana mampandroso ny fandraharahana ara-toekarena eto anivon'ny Faritra, hoy ny Lehiben'ny Faritra Vakinankaratra nandritra ny fandraisam-pitenenana nataony tamin'ny fanokafana ofisialy. Ny Faritra dia manana ny tanjany manokana indrindra eo amin'ny sehatry ny fambolena sy ny fiompiana ary ny fananana ireo orinasa isan-karazany. Manana ny paik'ady manokana ny Faritra Vakinankaratra amin'ny lafiny fampandrosoana, ny fanomezan-danja ny fandraharahana ary indrindra miezaka manamora ny fandraharahana. Iraka napetraky ny Fanjakana tamin'ny Faritra mantsy ny fampandrosoana ara-toekarena sy ara-tsosialy, ary manampy ny Faritra amin'ny fananatontosany ny andraikiny ny hetsika tahaka izao. Andiany faha-22 ny tamin'ity taona ity, izay nahitana tranoheva miisa 200 nanoloana ny gara. Tonga nanokatra izany ny Minisitry ny Angovo, ny Rano ary ny Ankoranafo Vonjy Andriamanga, notronin' ireo manampahefana avy amin'ny Minisitera hafa ary ireo manampahefana avy an-toerana. Nandritra izao andiany faha-22 izao dia nisy ny lohahevitra noraisina dia ny hoe: "convergence des efforts pour l'émergence économique", izay midika hoe « mikambana ny ezaka rehetra ary mitodika mankany amin'ny fisandratana ara-ekonomika ». Ny tanjona amin'izany dia ny mba hanodinana ny akora fototra rehetra eto an-toerana ihany. Tao anatin'ny lahateny izay nataon'ny minisitra dia nasongadiny fa isan'ny zava-dehibe ny fifanomezan-tanan'ny tsirairay mba hahatongavana any amin'ny fampandrosoana maharitra. Tratra ny tanjona hoy hatrany ny mpikarakara ny hetsika "Vitrine du Vakinankaratra" satria dia nitombo ireo mpandray anjara tamin'ity taona ity raha noharina tamin'ny andiany teo aloha. Nandritra izao fanokafana izao dia nisy ny fanaovantsonia fifanekem-mpiaraha-miasa teo amin'ny Minisitry ny Angovo, ny Rano ary ny Ankoranafo sy ireo orinasa hiasa amin'ny fanapariahana ny herinaratra azo amin'ny angovo azo havaozina eto Vakinankaratra dia ny (Nouvelle Energie Hydroélectrique de l'Onive (Neho), izay hiasa any Antanifotsy amin'ny Tetikasa Sahofika, ary ny fametrahana ny takelaka ahazoana herinaratra amin'ny alalan'ny herin'ny masoandro, tsara ny manamarika fa orinasa sinoa no hiandraikitra ity asa ity.

***Lezama***

Fahasalamana, Antsirabe

# Notoloran'ny japone fitaovana ny Csb Ambalavato sy ny clinique Ave Maria


Fanatsarana sy fanitarana ny tobim-pahasalamana, efitrano 06 aty ambany, niampy rihana misy efitrano 05, ary fandriana ho an'ny marary miisa 6 no tolotra avy amin'ny fanjakana Japoney, ho an'ny Csb Ambalavato sy ny Clinique Ave Maria. Natao ny herinandro teo ny lanonam-pitokanana ny fotodrafitr'asa, natrehin'ny tale jeneraly miadidy ny tolotra mahakasika ny fitsaboana eo anivon'ny Ministeran'ny fahasalama-bahoaka, Solofomalala Gaetan Duval, ny Mpiraki-draharaha eo anivon'ny Masoivoho Japoney ITO Yorio miasa eto Madagasikara. Fananganana trano lehibe iray misy rihana ary misy efitrano 11 ity natsangana ity, ka ahitana efitrano roa fandraisana ireo marary, efitrano iray fanaovana fitiliana, efitrano iray hafa hanatanterahana fizahan'ny mpitsabo ho an'ireo reny bevohoka, efitrano iray fitahirizana ny vaksiny. Efitrano roa, trano fampiterahana misy fandria-marary miisa 06 ary efitrano iray fizahan'ny mpitsabo ireny reny avy teraka ireny. Ankoatr'izany ny fanatsarana ny tobim-pahasalamana amin'ny ankapobeny. Ireo rehetra ireo dia miteti-bidy 58.212 euro. Ity tetikasa fiaraha-miasan'ny Fanjakana Malagasy sy ny governemanta japoney ity dia voasonina ny volana Martsa 2018 ary izao notokanana izao. Raha tsiahivina dia efa voasafidy ho tobim-pahasalamana mendrika indrindra teto amin'ny Nosy ny CSBII Ambalavato. Amin'izao fotoana izao dia mbola nahazo tombony manokana amin'ny fahazoana izao fotodrafitrasa izao. Fokontany 16 no misitraka ny tolotra ara-pahasalamana eto, ary noho ny fandrenesana ny lazany dia maro ireo avy any amin'ny fokontany hafa no tonga mitsabo tena eto. Miisa 13 no mpiasa manodina ny tobim-pahasalamana, ka 04 Mpitsabo, 07 mpampivelona, iray mpitsabo nify ary iray mpitsabo mpanampy araka ny nambaran'ny Medecin Chef CSB Ambalavato Dr Hanitriniaina Collette Jany.

***Solohery***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 293**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0292)

**Mitsivalana**
- Fotoana
- Ilo - Mena
- Loha - Nan(a)
- Vano (Miv) - Toy
- Hatory
- Vono (Miv)
- Mahaino

**Mitsangana**
- Filoha
- Olona
- Tohatra
- Avo
- Ma (Miv) - Roa
- Nentiny
- Anao - No (Miv)
- Ovaina (Miv)

### TENY MIFANAPAKA N° 293




**Mitsivalana**

**1.** Tsipazana **2.** Andro ratsy - Manondro toerana **3.** Ao amin'ny hena - Fanontaniana (Miv) **4.** Aiza ? - Enina sy telo (Miv) **5.** Amin'ny tanàna **6.** Tapak'andro (Miv) - Mpanoritra **7.** Kianteny - Aizina **8.** Tsy sahy intsony (Miv) - Bibikely (BL) - Mpanondro akaiky **9.** Savoritaka **10.** Mampisafidy - Ho tanterahinay

**Mitsangana**

**A.** Fomba fihetsiny **B.** Fotoana - Aseho ivelany **D.** Lio - Vohitra (BL) - Hita ao amin'ny vatana **E.** Zokiolona efa be taona - Antsasaky ny rano **F.** Hekitara - Dila (Miv) - Heloka (BR) **G.** Fanontaniana? **H.** Tsy ao aloha, fa aoriana handatsa (BR) - Fanampin'anarana **I.** Avotana - Tsirinteny **J.** Renirano - Tovana Iharana **K.** Voankazo maro karazany - Bibin-drano masiaka

### Valiny Teny mifanaraka 0292

**Mitsivalana**

1. Mavesatra 2. Ana - IV 3. Tsinkafona 4. Sonia - Ravo (Miv) 5. Ora - Rofy 6. Fito - (V)at(a) 7. At(y) - Avoratr(a) 8. Nao - (M)aso 9. (M)anta - Inona 10. Riaka - Loka (Miv)

**Mitsangana**

A- Matso - Rana (Miv) B. Soratany D. Voinna - Ota E. Ny - Fa - Ak(a) F. Sakarivo G. Ana - Ato (Miv) H. Tafoforona I. Ovy - Kosa (Miv) J. Aina - Atona K. Varatr(a)

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka

Ny fanadiovana faobe ao anatin'ny fankalazana ny ivon'ny faha-70 taona ny Mpamonjy Voinan'ny CUA.





